Nangingina ny resaka momba ireo Nosy Malagasy

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 11 jolay 2020 | Laharana 1040 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Polisim-pirenena 4

Tsy ny polisy no tokony hatahorana fa ny coronavirus

Fitondrana Rajoelina 3

Lesoka iray lehibe ny politika momba ny mponina

Valanaretina coronavirus 4

34 hatreto no maty 361 ny tranga vaovao

TRANO AO ANAHIDRANO 2

Tranon'ny Filoha Tsiranana manokana ka sarotra ny hanaovana azy ho vakoka

Fitantanam-pirenena 3

Mangetaheta mangarahara ny olom-pirenena

Mpitsabo nentim-paharazana 3

Tsy ekena ny tsindry hazolena ataon'ny ministera

Tantsambo tavela any ivelany 4

Lany vatsy, mangataka ny hampodiana azy

Daka kely

Covid organics ve le izy sa Covid orange ry Boaikely a !

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana 4

Dahalo miisa 2 azo sambo-belona

KIANJA FILALAOVANA, DOBO FILOMANOSANA, LÀLANA, SEKOLY, GASYCAR, SNS…

Fotodrafitrasa ho an'ireo sisa tsy matin'ny coronavirus

Mbola hamafisina eto amin'ny Gazety Ny Valosoa Vaovao ny nambara farany teo fa voafehin'ny coronavirius i Madagasikara, ny antony tsy azo iadiankevitra dia gaboraraka ny fomba ifehezana azy.

Voafehy ny tarehimarika

Mampiteny ny moana ary mampitampimbava ireo vavàna ny tarehimarika tanisain'ny Pr Vololontiana Hanta M D, ny isan'ireo mitondra ny otrika'aretina izay mitombo hatrany dia efa manomboka ho zatra izany ny vahoaka, fa ny tarehi-marika any Toamasina mbola tsy mampino, fa ny tena mampivalaketraka dia ny fitomboan'ny isan'ireo sitrana tampotampoka teo ary nohamafisina fa ireo izay sitrana dia nitsabotena tany an-tokatranony. Mifanontany ny mpamakafaka rehetra manao hoe: fa ahoana e ? dia samy mamoaka ny heviny ny rehetra, ao ireo milaza fa te hamporisika ny marary tsy hamonjy hopitaly ny fitondrana, ny sasany indray manambara hoe fa naninona no tsy nampahafantarina mialoha ny isan'ireo niatrika fitsaboana tany an-tokantranony, fa nahoana koa no mbola tsy omby ny hopitaly kanefa efa maro ireo nitsabotena ivelan'ny hopitaly, ny Alahady28 Jona no nanentana ireo mitondra ny tsimokaretina hitsabotena any an-tokantranony Ingahy Praminisitra kanefa valo andro monja taorian'izay dia nodradradraina fa marobe ireo sitrana tsy niditra hopitaly, ny fehiny dia alaimpanahy ny vahoaka hieritreritra fa nofehezina ny tarehimarika, mikasika ireo maty etsy sy eroa izay lazaina fa tsy matin'ny coronavirius moa dia aleo tsy miady hevitra hoy ireo olompirenena tsy te higadra, satria mbola ao anatin'ny-hamehana ara-pahasalamana isika izao.

Tsy mazava ny serasera

Nambaran' ny mpampita vaovao fa ny boriborintany voalohany sy fahadimy no tena lasibatry ny coronavirius eto Antananarivo, ny tena manahirana anefa dia midadasika ny boriborintany iray eto an-drenivohitra, ny Boriborintany fahadimy dia hatrany Soavimasondro, Analamahitsy, Androhibe, Ambatobe, Nanisana, Ankadindramamy, Ampasampito, Amboditsiry, Manjakaray, Anjanahary, Andraisoro sns… Ny Boriborintany voalohany indray dia mizara roa mazava dia ny faritra iva toy ny 67ha, Ampefiloha, Isotry, Ambodn'Isotry, Tsaralalàna, Analakely, Ambodifilao, Ambohijatovo ambany, Amparibe, Ankadivato, sns… ary ny faritra avo: Ambondrona, Faravohitra, Ambohijatovo ambony, Antaninarenina, Isoraka, Ambatonakanga, Ambatovinaky, Andohalo, sns… ankoatr'izay ireo voalaza ireo mbola misy fizarana maromaro raha tsy hiresaka afa-tsy Anjanahary izay mizara ho fokontany maromaro II O, II S, IIA, II N, Analamahitsy: mizara ho Cité sy Tanàna. Ny tiana hambara dia ny fanasarotana sy ankinafinafina ataon'ireo mpiserasera izay manao safobe mantsina amin'ny hoe Boiborintany I sy fahaV, fa maninona no tsy lazaina mazava hoe ny fokontany izao sy izao no misy ilay tratran'ny coronavirus, moramora kokoa amin'izay ny fiarovantena ho an'ny isambatan'olona, sa kosa aleo hafenina sao tonga mitsidika any amin'ireo fokontany tra-pahavoazana ireo solombavambahoaka Tim?

Tsy fotoanan'ny fananganana fotodrafitrasa izao

Isaky ny miseho amin'ny fahitalavitra ny Kandida Rajoelina dia mitanisa fananganana fotodrafitrasa samihafa, izay no antony mbola iantsoantsika azy eto amin'ny Gazety Ny Valosoa vaovao hoe mbola kandida izy fa tsy efa filoha. Ny vahoaka efa sahirana amin'ny fitadiavana izay arapaka, satria voafehin'ny coronavirus ny hatrany ambilaniny, ny fitiliana tsy ampy, ny fanampiana tokony ho sitrahana vokatry ny famatsiambola avy any ivelany lasa rano, ireo orinasa mamelona fianakaviana maromaro noho ny mpiasa ao aminy kenda tanteraka, tsy misy fitsinjovana na eo amin'ny fanampiana ara-bola na fanafoanana ireo hetra tokony haloa, ny fitondrana anefa midehaka fa hanangana fotodrafitrasa izay hita fa fampielezankevitra tsotr'izao. Mampisitri-belona ny fahenoana fa ireo firenen-dehibe matanjaka dia mampifantoka ny heriny manokana amin'ny fiatrehana ny coronavirus, tafiditra ao anatin'izany ny fanaovana ho zava-dehibe ny lafiny fitsaboana sy fiarovana ary ny fijerena ny fahasahiranam-bahoaka eo amin'ny fivelomana, natsahatr'ireo firenena matanjaka avokoa, ireo fanamboarana fiarakodia, fiaramanidina, ireo kojakoja tsy ilaina maika, indrindra fa ireo haingitraingitra isan-karazany, fa izay hamonjena ny aimbahoaka no imasoana, fa ny mifanohitra amin'izany no ataon'ny "mpitondra" eto amintsika, ny fitantanana ny aretina tsy mandeha amin'ny tokony ho izy, ny fitsinjovana ny vahoaka tra-pahasahiranna atao anjorombala, ireo orinasa mandalo fotoantsarotra odian-tsy hita, fa ny fananganana fotodrafitrasa tsy ihinanan-kanina no ihazakazahana,

Tsy mahamaika mihitsy ny fananganana kianja na dobo filomanosana vaovao, satria ny vahoaka tokony hisitraka ireo aza velona mitsipozipoy, sangian'ny fahafatesana, ka velom-panontanina ny mahatsiaro saina manao hoe: fotodrafitrasa ho an'ireo sisa tsy matin'ny coronavirus ve ireo hatsangana ireo? ary ity orinasa mpanambatra kojakoja na "pieces détachées" lazaina fa mpamokatra fiara vita Malagasy, iza no hitaingina ireo raha ripakin'ny aretina ny ankamaroan'ny mpiray tanindrazana ? Tsy maniry ny loza ho an'ny mpiray tanindrazana anefa isika, fa mba ho resintsika tokoa ity covid19 ity.

Ny Valosoa

Trano ao Anahidrano

Tranon'ny Filoha Tsiranana manokana ka sarotra ny hanaovana azy ho vakoka

Mahakasika ny tranon'ny filoha Philibert Tsiranana any Anahidrano Antsohihy, faritra Sofia, misy ny fanambarana nataon'i Eliana Bezaza, zafin'ity filohan'ny Repoblika voalohany ity:

Maro ny fangatahana tonga aty aminay, ka efa sarotra atao hodian-tsy hita, amin'ny resaka tranon'i président Tsiranana ao Anahidrano. Hialako tsiny, hialako fondro etoana fa mbola misy ray aman-dreny izahay ao Anahidrano, ireo ray amandreny toa ray ka tsy hitsahako alohan'ny vazana, nefa na izany na tsy izany, amin'ny maha zafin'i Tsiranana ny tenako, zanaky ny vavimatoa ary tafiditra ao anatin'ny tetim-pananan'ny Filoha Tsiranana, dia mahatsiaro manana anjara biriky sy adidy izay ametrahako ny hevitro manokana. Mety maro koa anefa ny manana hevitra mitovy amiko. Dia raisiko andraikitra ary hialako tsiny hialako fondro amin'ireo ray amandreny, fa maro loatra ny fangatahan'ny havagna, namagna sy fanontaniana sesilany mila valiny magnontany hoe "ino ny hevitrinareo fianakaviagna amin'ny resaka nataon'ny Ragôvan'ny faritra Sofia tamin'ny 26 juin amin'ny hanaovagna vakoka io tragno io sy izy ho ivon'ny fankalazagna ny 14 oktobra amin'ity taogno ity.

Mikasiky ny fankalazagna ny 14 oktobra. Ao Agnahidrano dia efa toeragna fagnanaovagna azy hatrizay tsy an-kiato, koa tsy manakagna velively ny tenako sy ny antoko iadidiako ary mamporisika an'izany aza, ary koa faly mandray izany filohampirenena izany satria mendrika an'izay voninahitra izay ny filohan'ny Repoblika voalohany. Na izany na tsy izany, tsara ihany ny hitambaran'ny feon'ny fianakaviana manontolo mikasika an'izany.

Kanefa kosa raha ny resaka fananan'i Président Tsiranana manokana, toy ny tranony ao Anahidrano, izay marihina fa tsy fananan'ny fanjakana malagasy velively fa misoratra aminy manokana, dia ny olona tsy ao anatin'ny fianakaviana dia tsy afaka mandray fanapahan-kevitra mikasika ny hanaovana izany trano izany. Raha ny fahazahoako ny resaka nataon'i Ragôva sy ny député dia fikasana sy faniriana ny an-dry zareo hanaovana vakoka io trano io. Mazava fa tsy misy eritreritra ratsy izany fa hetaheta te hampafantatra bebe kokoa an'i prezidà Tsiranana ny vahoaka. Tsy misy tsiny izany faniriana izany, nefa zava-dehibe izany ka tsy tokony ho teny mandehandeha fotsiny fa tokony hanaovana fangatahana mazava amin'ny fianakaviana ary iaraha-midinika. Ny fianakaviana lazaina eto dia ireo rehetra izay ao anatin'ny tetim-pananana mandova an'i prezidà Tsiranana, ka miaraka mandova an'io trano io sy ny sojabe. Io trano io dia tena tranom-pianakaviana iainana, hifaliana rehefa misy hatsarana, hampidirana razana rehefa

Eliana Bezaza, filoha nasionalin'ny antoko PSD.

misy maty, ka raha io no miova sata ho tranom-bakoka dia midika izany fa tsy hananan'ny fianakaviana zo intsony fa eo ambany fiandreketan'ny kolontsaina malagasy.

Resaka sarotra izany ka tsy tokony harangaranga fotsiny amin'izao atao resaka politika hanamafisan-tseza, sao dia hamitaka ny filoham-pirenena. Ka aoka ianareo fanjakana an-toerana mba hanaja ny fianakaviana. Aza atao tsindriagna fa lavo izahay fa tsy lemby akory ny taranaka Tsiranana fa mbola maro izahay velona, misy ny eto an-tanindrazana ary misy any am-pitan-dranomasina. Ary tsy ny firesahana amin'olona iray na roa fotsiny izay tsy voatery nanambara ny fianakaviana manontolo no midika fa efa milamina ny resaka, fa sanatria sao dia hampiady nefa tsara ny raha milamigny sy azahoagna tso-drano mazava, indindra raha mikasiky ity filoha hajaintsika ity. Samy mitady fankamamiagna atsika jiaby sy tsodrano avy amin'ny razagna satria samy te hanjary ka aoka mba hatomboko amin'ny tokony hanombohagna azy sy am-pilaminagna ny raha atao, fa tsy atao hoatran'ny tsy misy ny fianakaviana.

Nangonin'i Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fiandrianam-pirenena

Nangingina ny resaka momba ireo Nosy Malagasy

Nataon'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina fanamby, fa tsy maintsy miverina amin'ny Malagasy ireo Nosy Malagasy (Iles Eparses) bodoin'ny fitondrana frantsay. Mialohan'ny 26 jona 2020 hankalazana ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena izy ireo no hiverina amin'ny Malagasy raha ny nambara volana maromaro lasa izay. Nisy mihitsy fotoana, nivelesana "aponga sy antsoantso", tamin'ny haino aman-jerim-panjakana ny fampitana fa hiresaka amin'ireo mpanao gazety frantsay amin'ny fahitalavitra vahiny ny tenany. Tao anatin'izany no niresahana ny momba ireo Nosy Malagasy ireo, ka nilazàny ny amin'ny hamerenana azy ireo no iriny fa tsy fiaraha-mitantana amin'i Frantsa velively. Nomarihina fa efa nisy ny dinika voalohany nifanaovan'ny roa tonta ary tokony hisy ny faharoa mialohan'ny 26 jona saingy noho ny valan'aretina covid-19 dia tsy tanteraka izany. Ny hany nisy dia ny fanambarana nataon'ny teo anivon'ny Minisiteran'ny raharahambahiny malagasy tamin'ny fampiantsoana ny ambasadaoro frantsay sy ny fanambarana teny amin'ny Antenimieram-pirenena, dia izay, tapitra teo.

Dila, vita iny ny fankalazana ny fetim-pirenena, efa andro maromaro no lasa izao, efa ho roa herinandro. Zary nangingina ny resaka raha ny fahitana azy. Ry zareo mpitolona eo anivon'ny Otrikafo no hany farany re nanao ny fitakiana teny Ambatomena efa andro maromaro lasa izay, dia izay. Ny avy amin'ny fitondrana tsy andrenesam-peo intsony ny amin' izany. Tsy misy fampahafantarana amin'ny vahoaka hoe aiza ho aiza ny raharaha ankehitriny?

Efa maro no nahatsikaritra fa arirariran'ny fitondrana frantsay ny resaka momba ireo Nosy Malagasy ireo. Indraindray asehony mihitsy ny fihantsiana ny fitondrana Malagasy amin'ny alalan'ny fihetsika manao zavatra amin'ireo Nosy ireo toy ny kasaina hotantanterhina ao amin'ny Nosy sambatra (îles Glorieuses). Vao manao fanambarana ny eto Madagasikara dia misy valin-kafatra avy hatrany koa ataon'ny any Frantsa. Tsy ahitan-teny firy ny amin'izany ny filohan'ny repoblika izay hita ho tsy mba toy ireo filoha any Amerika latina, toa ny filoha venezoeliana teo aloha, sahy mifanandrina sy manao teny mahery ireo mitady hanjakazaka ny fireneny. Tsy mahavita ny toy ny ataon'ny filoha Roandey, Paul Kagame, sahy miteny hentitra amin'ireo firenena mpanjanaka teo aloha sy manao fanjanahantany amin'ny endriny vaovao ankehitriny, fa tsy ilainy ny fihetsika toy izao sy izatsy ataon'ireo. Malemy eo anoloan'ny fitondrana frantsay sy ireo mpanao politika malotony ve izany ny fitondrana Rajoelina? Raha toa ka izany, dia misy antony ao ary mila fantatry ny vahoaka Malagasy izany.

Mpanome toky vahoaka i Andry Rajoelina isak'izay miteny, fantatry ny rehetra izany. Aiza ary izay fanomezan-toky izay amin'ny vahoaka momba ireo Nosy ireo, fa tsy maintsy hiverina amin'ny Malagasy izy ireo? Mila resahina amin'ny vahoaka ny marina amin'ny fifampiraharahana amin'ny fitondrana frantsay, fa tsy rehefa sempotra tsy mahatafavoaka baolina vao miantso ny fanomezan-tànana avy aminy. Sa handrasana amin'ny 14 Oktobra indray ve vao mody hanisy teny kely eo mba "hampandriana adrisa" amin'ny alalan'ny teny tsara lahatra? Hatreto aloha dia mbola tonga amin'ny fiteny ankehitriny hoe "tsy afaka" ny fitondrana manoloana ny fitondrana frantsay. Toy ny mpilalao baolina lavalava Malagasy talohaloha tany, miainga eo afovoan'ny kianja no atosiky ny mpifanandrina aminy amin'ny "melée" ka any akaikin'ny tsipiky misy ny tsatokazo vao tafajanona. Kisary toy izany no hita ao anatin'izao raharaha mangingina izao, ary dia tsy mahita ambara fa sahirana.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

Lesoka iray lehibe ny politika momba ny mponina

Tsy mahafehy ny politika momba ny mponina mazava ny fitondrana Rajoelina ankehitriny. Tsy afaka hilaza mazava sy hentitra marina ny tompon'andraikitra ny amin'izay isan'ny mponina fa manakaikikaiky na manodidina ny isa tena marina no ambarany. Ambara fotsiny hoe 25 tapitrisa ny isan'ny vahoaka Malagasy, tena izay marina tokoa ve? Tranga iray teny amin'ny faritr'Ivandry iny, nandritry ny fidinan'ny filohan'ny Repoblika teny an-toerana volana vitsivitsy lasa izay ary tao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, no nahitana fa misy olona tsy voasoratra akory ao anaty fokontany na misy tsy manana karapanondrom-pirenena kanefa manao sahanasa sy mitady fivelomana eny isan'andro. Tamin'izay fotoana izay no nilazan'ny filohan'ny repoblika Andry Rajoelina fa hisy fanavaozana ny karapanondro ary ampiasana teknolojia maoderina. Azo inoana fa mety ho maromaro ny tranga toy io manerana ny nosy fa tsy eny irery. Misarika ny saina, ohatra, ny any amin'ireo tanàna sy faritra anjakan'ny asan-dahalo, ka misy fotoana matory any an-tsaha ny mponina, mifindra fonenana any amin'ny toeran-kafa ny sasany, sy tranga maro samihafa. Marina fa nisy ny hetsika nataon'ny teo anivon'ny Ivotoeram-pirenena misahana ny antontan'isa (Instat), kanefa azo antoka ve fa tafiditra ao anatin'ny fanisam-bahoaka izy ireny? Tena afaka hilaza ve fa tontosa antsakany sy andavany ny fanadihadiana sy ny fanisana natao farany teo? Volabe anefa no lany tamin'izany.

Ato anatin'izao fotoanan'ny hamehana ara-pahasalamana izao, dia tsikaritra ny tsy fifehezan'ny minisitera miahy ny mponina ny politika momba ny mponina. Porofon'izany, raha niseho hitsinjo ny mponina amin'ny alalan'ny fizarana zavatra samihafa ny fitondram-panjakana, dia namaritra ireo sokajin'olona hisitraka izany. Tany am-boalohany toy ny voafehy ihany hoe ireo tokoa ireo sokajin'olona tokony hotsinjovina akaiky. Rehefa nandeha ny andro sy ny volana dia indreo fa nisy sokajin'olona niseho sy nitaky izany satria tena tsy ao anatin'ny kajin'ny fitondrana sy hita ho tsy noeritreretiny mihitsy izy ireo. Tsiahivina, nisy anefa fanadihadiana izay amin'ny antsipiriany mihitsy natao teny amin'ny mponina manerana ny nosy, izay nahatonga ny sasany ho sorena aza satria toa niditra lalina amin'ny fiainany. Izany anefa dia azo itarafana tsara ny sokajin'ny olona misy eto Madagasikara sy ny lafim-piainana misy eto. Nahoana izany no tsy hita taratra amin'ny fomba fiasan'ny minisiteran'ny mponina na ny fitondrana tao anatin'ny lazaina ho fitsinjovana ny vahoaka ao anaty fahasahiranany izao? Sa ireny natao hisehoana fa miasa sy handaniam-bola fotsiny ihany?

Ny fahaizana mifehy ny politika momba ny mponina no antoka iray lehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena. Mihodinkodina fotsiny eo ny mpitondra fa tsy mahatafavoaka ny firenena hiroso marina amin'ny tena fampandrosoana raha toa ka tsy mahavita izany. Iaraha-mahita tsara izao fa miova isaky ny misy tranga tsy azo anoharana ny laharam-pahamehan'ny fitondrana ankehitriny ary anisan'ny antony iray amin'izany ny tsy fifehezana mazava ny politika momba ny mponina. Manaporofo izany koa, raha tsy efa misy hetsika ataon'ny mponina atsy na aroa na vondrona samihafa amin'ny fitakiana ataony sy rehefa miha-mafana izany vao taitra sy mandray fepetra ny fitondrana. Azo lazaina araka izany fa mandeha anjambany fotsiny sy amin'izay fantatry ny sainy eo izao fitondrana izao amin'ny fitantanana ny mponina, hany ka tsy mahavaly mihitsy ny hetahetan'ny vahoaka Malagasy. Rahoviana no hifarana izay politika mandeha an-jambany izay?

Radafy

FITANTANAM-PIRENENA

Mangetaheta mangarahara ny olom-pirenena

Mahazo laka ao anatin'izao fitondrana izao ny « salobo-komana » hany ka tsy misy mahalala ny maro. Niaraha-nahalala tsara fa tsy nisy mangarahara mazava ny fitantanam-pirenena, vao nanomboka niakatra teo amin'ny fitondrana Rajoelina, indrindra eo amin'ny lafiny fitantanam-bola ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao. Hatrany am-piandohana mandraka ankehitriny dia takona izay mangarahara izay. Tsy nisy valiny na nisy nitaky aza, ny momba ny fiara notaingenany teo Mahamasina tamin'ny fotoanan'ny fianianany, na ireo fiaran'ny mpitandro filaminana vaovao. Misy ireo tranga samihafa teo amin'ny fanatanterahana asa nandritr'izay fotoana am-bolana maro izay mifandraika amin'ny resa-bola. Aman-tapitrisany maro ireo vola fanampiana avy any ivelany ho an'ny firenena Malagasy iatrehany ny valan'aretina covid-19 kanefa tsy misy ny mangarahara amin'izany hatreto na dia marobe aza ny olom-pirenena nitaky izany. Samy gaga aza ny maro ny amin'ny tsy fitohizan'ny fanampiana intsony na ara-tsakafo na ara-bola. Ampahany kely monja tamin'ny mponina no mba nisitraka ny andiany voalohany tamin'izany, ary ireo marobe izay tokony homena sy hisitraka izany aza tsy nahazo intsony mandraka ankehitriny, fa niniana nodiana fanina fotsiny izao tsy nasiana resaka na kely aza. Nefa iaraha-mahita sy mahalala tsara fa miha-mitombo andro aman'alina tato anatin'ny efa-bolana ireo Malagasy sahirana mafy ara-pivelomana mila tsy hahita hanin-kohanina intsony ary miady mafy, mba tsy ho resin'ny fiainana sy ho fatin'ny hanoanana. Mafy ary tena mafy ny manjo ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao. Zavatra hafa indray no noresahana hanodinana ny saim-bahoaka.

Fepetra hentitra no takian'ny fitondram-panjakana amin'ny vahoaka ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, indrindra amin'izao fiverenana mihiboka an-trano indray izao iadiana amin'ny fihanaky ny valan'aretina. Iray amin'izany ny tsy maintsy itondrana aro-tava. Niseho hanamboatra sy hanaparitaka izany tamin'ny vahoaka ny fitondrana tany am-boalohany dia tsy nisy fitohizany naharitra. Izany aza tsy hita ho natomboka raha tsy maro ny fitakiana avy amin'ny olompirenena maro. Tsy natao ny fanapariahana ny fanasana tànana raha tsy efa nitarika izany ny antoko Tim tamin'ny alalan'ny filoha nasionaliny Marc Ravalomanana. Sarotra ho an'ny vahoaka, ny valalabemandry mantsy ny fividianana aro-tava sy savony mbamin'ny tsy fananana rano madio mivantana ao antrano. Ny fahatsapana izay fahasahiranana sy ny fahoriam-bahoaka izay no nahatonga ny filoha mpanorina ny Tim, Ravalomanana Marc, sady filohan'ny antoko mpanohitra nitaky ny mangarahara amin'ny fitantanam-bola. Fantany tsara ny amin'ny fahatongavan'izay vola fanampiana avy any ivelany izay, ary tsapany sy hitany fa tsy mazava ny fitantanana matoa izy mitaky ny mangarahara. Hetahetam-bahoaka ihany koa izany, fa moa hihaino izany ny fitondrana?

Hambompo diso toerana mandrakariva no tsapa hita eo anivon'ny fitondrana manoloana izany fitakiana izany. Ny mahasorena ny maro aza, dia hanaovana vali-bontana sy hitadiavan-kevitra hanaratsiana azy indray izany nataony izany. Tsy atao hahagaga raha toa zara fa mihaino ny fitondrana ny vahoaka ka sahirana mampita izay tiany ampitaina. Tsy hitan'ny vahoaka sy tsy tsapany mihitsy mantsy ilay finiavana feno fahendrena andrasana amin'ny mpitondra entina hanasoa ny vahoaka tsy ankanavaka sy ny firenena.

Sôh'son

Rafanomezantsoa Jean Nirina

Tsy ekena ny tsindry hazolena ataon'ny ministera amin'ny mpitsabo nentim-paharazana

Manaparitaka tsy am-pahamendrehana ny anarana, sy ny mombamomban'ny filoha mpitarika ny fikambanana FITRAMA (FItsaboana TRadisionely Malagasy) amin'ny tambazotra-tserasera « Face book », ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Ministeran'ny fahasalamana ary manakana ny fanaovana dokam-barotra an' ireo fanafody vokarin'ny FITRAMA amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao. Nilaza Andriamatoa Rafanomezantsoa Jean Nirina mpitarika ny fikambanana FITRAMA, fa tsy mankasitraka ny fanambarana miendrika fanalam-baraka ataon'ny Ministeran'ny fahasalamambahoaka, ho an'ny mpitsabo nentim-paharazana, manana traikefa sy fahaizana ary manao andrana ara-pahasalamana (Observation Clinique), entina hiadiana amin'ny aretina coronavirus eto Madagasikara. Nanohy nanazava ity tompon'andraikitra iray ao amin'ny FITRAMA ity, fa hiditra ao anatin'ny sendikan'ny mpitsabo Malagasy ireto farany, hampahafantatra amin'ny mpisehatra fanafody nentim-paharazana ireo sakana ataon'ny mpitondra fanjakana sasany, tsy hampivoatra ny voka-pikarohana Malagasy. Ankoatra izany nanohy nanazava izy, fa hiala amin'ny maha fikambanana azy ny FITRAMA, ka hiditra amin'ny tontolon'ny orinasa, mba hahafahan'ireto farany hamorona asa ho an'ny tanora Malagasy manomboka any amin'ny fambolena, ka hatramin'ny fanodinana ary famokarana fanafody. Fantatra ihany koa hoy Andriamatoa Jean Nirina fa misy mpandraharaha Karana ao ambadik'izao fanosorampotaka ny FITRAMA izao, mba tsy hampisongadina ny voka-mpikarohana nentim-paharazana Malagasy kanefa tsy hampihemotra ny hambompon'ny tia tanindrazana izany sakantsakana izany. Nanohy fanazavana ity mpitarika FITRAMA ity, fa anjorombala hatrany ny mpandraharaha sy ny mpikaroka nentim-paharazana Malagasy kanefa tokony hifanome tanana ny mpiray tanidrazana manoloana ny ady amin'

Sora-baventy eny amin'ny biraon'ny FITRAMA eny amin'ny 67 ha.

ny famongorana ny aretina coronavirus. Marihina fa maro ireo Solombavambahoaka sy Ben'ny tanàna ary tompon'andraikitra manatona sy miara-miasa amin'ny FITRAMA, mba hahafahana manaparitaka an'ity fitsaboana nentim-paharazana ity manerana ny nosy amin'izao fotoana izao.

Franck Razakambelo

TONONKALO

Miverina mihiboka ?

Miverina mihiboka kanefa efa voafehy ?
Toa zary mahatsikaiky sy tena mampihomehy.
Fa inona no marina , lazao fa aza afenina,
Tsy dia mitovy angaha ny atao sy ny tenenina ?

Miverina mihiboka , izany no mitory
Fa hay ny corona , tsy mbola resy akory,
Kanefa efa nihoaka , nidedaka sahady ,
Na dia tsy tapitra aza fa mbola mafy ny ady !

Miverina mihiboka , ka tena hita marina
Fa diso , tena diso ireo tetika nampiharina,
Satria ny fidedahana no lasana nialoha
Ka zary fihomehezana ny tenin`ny filoha !

Miverina mihiboka , tsy mety ho afa-patotra.
Ny fanapahan-kevitra no hita fa tsy matotra.
Manandranandran-dava no lasa fahazarana,
Ka haizim-pito indray no io manarangarana.

TSIMIMALO (10-07-20)

VALANARETINA CORONAVIRUS

34 hatreto no maty. Omaly, 361 ny tranga vaovao, 233 no sitrana

34 hatreto no matin'ny valanaretina coronavirus eto Madagasikara, niampy 1 ny lavon'ity valanaretina ity omaly, ka nahatonga io isa 34 io. 361 ny tranga vaovaon'ny olona mitondra ny tsimokaretina covid-19 ary 233 no sitrana tamin'ny omaly io. Hatramin'ny nidiran'ity valanaretina ity teto amintsika ny 21 martsa lasa teo, 4143 no nitondra ity valanaretina ity, 2183 no totalin'ny sitrana araka ny tarehi-marika navoakan' ny eny amin'ny CCO covid-19 eny Ivato. Ny isan' ireo olona marary mafy kosa na forme grave dia miisa 49 izy ireo ny andron'ny omaly. Tsy voafehy ny fianahan'ity valanaretina ity hatreto, satria mitombo hatrany ny olona voa, tsy omby intsony koa ny hopitaly, izao dia atao handraisana marary koa ny eny amin'ny Lycée Teknika Alarobia, ankoatra ireo tsy voaray eny amin'ireny toeram-pitsaboana ireny, fa asaina mitsabo tena any an-tranony.



Ny tarehi-marika omaly, momba ny valanaretina coronavirus.

Isambilo

Tantsambo tavela any ivelany

Lany vatsy, mangataka ny hampodiana azy ireo eto Madagasikara

Mandalo fahasahiranana mafy ireo tatsambo Malagasy mbola tavela any ivelan'i Madagasikara amin'izao valan'aretina coronavirus izao. Mbola maro izy ireo no tavela any, kanefa efa te hody eto an-tanindrazana, ny vatsy miha-lany, mba tsy ilazana hoe tsy misy intsony. Nanomboka tamin' ny 18 martsa no nijanona tsy niasa intsony ny sambo rehetra. Toy izany koa ireo tatsambo efa 4 volana no tsy niasa sady tsy nandray karama. Maherin'ny 500 ny tatsambo Malagasy mbola tsy tafody ankehitriny, nefa manambady aman-janaka avokoa :
- 30 any Dubai
- 54 any Marseille
- 400 any Italie (Genova, Civitavecchia)
- 100 any Brezila.

Nampanantenaina izy ireo fa hoe tsy maintsy tafody daholo amin'ny 2 jolay 2020, indrisy anefa fa tatsambo 32 ihany no tafody ny 6 jolay 2020. Mitaraina mafy izy ireo noho izany ary miandrandra tolotanana amin'ny mpitondra fanjakàna. Manantena fiaraha-miasa amin' ny olompirenena tsy ankanavaka ireo tatsambo, mba hahafahan'izy ireo manaitra ny tompon'andraikitra satria mamy ny mody. Maneho fisaorana mialoha koa izy ireo ho an'izay rehetra mitondra fanampiana ho azy satria tena mandalo fotoan-tsarotra amin'izao fotoana izao.

Helisoa

Ady amin'ny tsy fandriampahalemana

Dahalo miisa 2 azo sambo-belona

Ireo dahalo tratra tany amin'ny distrikan'i Maintirano.

Nahitàna trangana fanafihan-dahalo nikasa hangalatra omby anaty vala tao Belitsaky, Fokontany Ampoza, kaominina Antsaidoha Bebao, distrikan'i Maintirano, faritr'i Melaky afak'omaly. Ny mponina tao an-tanàna anefa dia efa vonona amin'ny fiarovana ny tanànany araka ny fanentanana ataon'ny Zandarimariam-pirenena. Raikitra noho izany ny fifandonana, voa tamin'ny tongony ny dahalo miisa roa ka voasambo-belona, raha ny roa hafa tafatsoaka; ireto farany izay efa fantatra anarana sy toerana fiaviana. Tratra niaraka tamin'ireto dahalo ireto koa ny basim-borona calibre 12 iray sy ny ody gasy na mohara maro. Tsy nisy naratra ireo fokonolona sy zandary teny an-tsehatra.

Nomena fankaherezana sy fankasitrahana ny fokonolona mba tsy hisalasala hampilaza avy hatrany ny mpitandro ny filaminana sy hiaro tanàna raha misy tranga fanafihana.

Stefa

Polisim-pirenena

Tsy ny polisy no tokony hatahorana fa ny valanaretina coronavirus

Manoloana izao ady amin'ny valanaretina coronavirus eto amintsika izao dia misy ny hafatra sy fanentanana ho an'ny rehetra ataon'ny ao amin' ny polisim-pirenena. Tena misy ny aretina Coronavirus ary mahafaty raha tsy atao matotra ny fitandremana, hoy ny fanambarana. Ry mpitantana eny amin'ny fokontany : komity, andrimasom-pokonolona, vaomieran'ny fandriam-pahalemana: ndao hiara-miasa amin'ny Polisim-pirenena amin'ny fanaraha-maso ireo mpivarotra tsy manakatona ny tsenany amin'ny ora voatondro, ireo tsy mahazo mivarotra nefa minia misokatra ihany, ireo mbola manao fivorivoriana. Ianareo no akaiky vilany feno arina, ka raiso ny andraikitrareo, fa ho avy ny Polisy hanome tanana anareo Fokontany tsy ho tafiditry ny aretina Coronavirus no tanjona. Tsy ny Polisy no tokony hatahorana fa ny aretina Coronavirus, ka aza miandry hosazian'ny Polisy vao hanao sarotava, aza miandry ho bedesina vao manakatona ny toeram-pivarotana amin'ny ora voatondro ary aza miandry haparitaky ny Polisy vao tsy mivorivory. Tadidio ilay fitenenana manao hoe « Aleo maty rahampitso toy izay maty anio ». Tena marina izany. Araho ary ireo fepetra ara-pahasalamana dia ho lavitry ny aretina Coronavirus mahafaty ianao. Ianao mpivarotra tsy manakatona tsena io, ianao manatanila ny varavaran'ny tsena io. Tandremo sao mihàtra aminao ilay fitenenana hoe : « Matinkanin-kely toa amalona ». Izay vao hanenina. Tsy biby fampitahorana ny Polisim-pirenena, fa tena namana akaiky anao, ka hiaraka aminao hiady handresy ny Coronavirus. Ny tsy fanarahana ireo fepetra ara-pahasalamana dia midika ho famonoantena sy famonoana ny mpiara-belona. Heloka eo anatrehan'Andriamanitra izany, hoy hatrany ny fanambaran'izy ireo.

Nangonin'i Aly

NY TENY FIAINANA

"Jehovah mahafoana ny fisainan'ny firenen-tsamy hafa; mahatsinontsinona ny hevitry ny olona Izy."

Salamo 33:10

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alahamisy - Sabotsy) VAOVAO

Tonga hatrany Afrika ny ady hevitra momba ny CVO

Marcel Razafimahatratra : tonga hatrany Afrika ny ady hevitra momba ny Ganiks (CVO).

Alfred Rasendra : ny hita aloha toa tsisy manafatra intsony. Ny president- n'i Sénégal aza testé positifs nefa tena akaman' i Andry Rajoelina no fiantsoany azy. Vita ny exportation niaraka t@ sarin'i Rajoelina.

Ralaizandry Adoré : hoe ahoana hono, hanafatra @ taonina maro daholo amzay ve hono ry zareo ? Zay lay efa nampoiziko. Toa tsy misy intsony tokoa ilay manafatra.

Razafindravavy Gisele Aimee: ho tanteraka amzay zany lay hahalohany atsika a ! Lohany amin'ny lainga sy ny fitapitaka!

Tessycreation Rajarison : ny ahy, ny ahiako hoe avereno ny volanay, angamba dia asa ??? Ny eto nefa toa hoe sitrany daholo ireny isa be dia be ireny... inona ny tena marina??? Ny Filoha Rajoelina aza toa nihiboka, sao dia tena marary tokoa?

Randriambahoaka Soanaivo Erik : lasa polémique hono any Afrika ny nanafarana an'ilay tambavy CVO na ilay Covid Organics.

Vahoaka Malagasy : tsy mahomby zato isan-jato ilay tambavy matoa misy mampiasa, misy tsy mampiasa azy.

Jean Claude Rasoamahefa : tsy tia tanindrazana rizareo any zany, rah any CVO aty no hafarany, nefa ny eto koa aza misy manao toy ny valalan'amboa izy ity, ka n any tompony aza tsy tia azy.

Jean Claude Rasoamahefa : ireo tompon'andraikitry ny fahasalamana eto amintsika tsy dia miresaka firy ity tambavy CVO ity, fa ny mpitondra tsy amin'ny sehatra indray no be resaka sy manao dokam-barotra azy. Matoa tsy andrenesam-peo ny tena tompon'andraikitra, ao zavatra!

Fidelis Nirina Rakotomavo : mahasitrana mintsy io fa ny blem mahihitra ny mpizara moa ny olona malaina mividy. Ny aty Bira aloha tsy maharaka fa izay tonga de lany.

Eddy Andrianasolo : efa hain-dry zalah hoe tsy nahomby izy io, dia izay no mahatonga azy ho resabe any Afrika koa.

Johnny Lemriss Ranaivoarison : ny tsapa tokoa, tsy nisy intsony tato ho ato ny CVO naondrana any ivelany, tsy mahatoky azy ity intsony izany ny any ivelany satria miparitaka amin'ny gazety sy ny haino aman-jery any fitapitaka sy ny laingalainga ataon'ny Filoha.

Tafika an'habakabaka

Manome tanana amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana sy ny coronavirus

Manampy ireo miaramila an-tanety ny Tafika an'Habakabaka ankehitriny, na amin'ny ady amin'ny tsy fahandriampahelemana izany, na amin'izao ady amin'ny Covid-19 izao. Arak'izany dia maro ny fivoahan'izy ireo amin'izao fotoana izao. Nahetsika ny angidimby 3, hanaraha-maso ireo faritra mafana anjakan'ny tsy fandriampahalemana, sy hitaterana ireo marary mila vonjy aina maika ary ny fanafody sy fitaovana iadiana amin'ny valan'aretina Coronavirus. Marihina fa efa nihiboka herinandro maromaro ireo mpanamory fiaramanidin'ny Tafika an'Habakabaka nanatevina ny fahalalany sy ny fahaiza-manaon'izy ireo, mba hanamorana ny fanantanterahana ny asa.

Niaina